Laharana faha 100 Alahady 23 Mey 2010

Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

Editorial

"...Fiangonana niray saina naharitra nivavaka..." (Asa 1:14)

Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (asa 1:8) . Izany teny izany no tenin'i Jesosy farany tamin'ireo olona niara-niangona taminy talohan'ny niakarany tany an-danitra. Teny fanomezan-toky fa tsy irery ny mpianatr'i Jesosy sy ny mpanara-dia azy eo amin'ny fanatanterahana ny asa fitoriana ny filazantsara. Teo am-piandrasana ny hilatsahan'ny Fanahy masina dia niray saina naharitra nivavaka (Asa 1:14) ireo rehetra nanaraka an'i Jesosy satria fomba iray nanohizan'izy ireo ny fiombonana sy ny fiarahana tamin'i Jesosy izay efa nilaza fa "raha misy roa na teo mivavaka amin'ny anarako dia eo afovoany aho" (Mat: 18:20). Tsindriana manokana etoana fa izany firaisan-tsaina niaraka nivavaka izany dia naharitra fa tsy fotoana fohy vokatry ny hafanam-po niserana taorian'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra.

Rehefa nilatsaka ny Fanahy masina ka nameno ireo rehetra izay nivory dia toa rava ny rindrin'ny fisarahana fa lasa tanteraka ny firaisam-po sy saina teo amin'ireo olona hafa firenana sy fiteny ka lasa nifankahazo sy niresaka tsara (Asa 2:11).

Maro ireo tetik'asan'ny fiangonana (projet) izay efa nambara tamintsika , ary tena ohatra tsara tokony horaisintsika tsirairay izay efa nantsoin'ny Tompo ho mpiara-miasa aminy eo anivon'ny fiangonana ny tokony hiraisan-tsika saina haharitra hivavaka eo am-piandrasana ny fanatanterahana ireny tetik'asa ireny.

Maro ny fomba ahazoantsika fiangonana miaraka miaina sy maharitra amin'ny fivavahana toy ny fanatrehana ny fotoam-pivavahana isaka ny alahady ,ny fotoam-bavaka isam-paritra (cellule de prière et Etude biblique par quartier) mandritry ny herinandro, ao koa ny fotoan'ny tarik'asa « Finoana sy vavaka » isaka ny zoma hariva izay hitondrana am-bavaka ny fiainan'ny fiangonana sy ny tsirairay izay mila izany (hitantsika eo amin'ny tranonkalan'ny fiangonana www.fpma-paris.org moa ny andinidin'izany), ary dia entanina koa isika isam-pianakaviana sy isam-batan'olona hanana fotoam-bavaka isan'andro.

Raha mankalaza ny pentekosta isika dia mahatsiaro ny nilatsahan' ny Fanahy masina tamin'ny fiangonana (Asa 2:1-4). Ny vavaka faniriana ataonay dia mba ho fiangonana miray saina sy maharitra mivavaka hatrany anie isika ka samy ho feno ny Fanahy Masina ary ho hita taratra ny vokatr'izany dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana ary ny fahazotoana hitory am-pasahiana ny tenin'Andriamanitra (Asa 4:31-32).

Ny fampaherezana avy amin'ny fanahy masina anie ho tanteraka hatrany eo amin'ny fiangonana eo am-panaovana ny asa rehetra ho voninahitr'Andriamanitra ! ■

Roland RATIARISON

NY FANAHIN' ANDRIAMANITRA MAMONO NY ASAN'NY NOFO

9 Fa hianareo tsy ao amin'ny nofo, fa ao amin'ny Fanahy, raha ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy. ... 15 Fa tsy nandray fanahim-pahandevozana ho amin'ny tahotra indray hianareo, fa nandray ny fanahin'ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba Ray ô. (Rom 8,9 sy 15)

FANOMEZAN' ANDRIAMANITRA NY FANAHY MASINA

Faly miarahaba antsika tratr'izao andro pentekosta izao. Ny tenin'Andriamanitra andraisana hafatra ho anatsika dia ho hita ao amin'ny Rom 8,9 sy 15 ary Asa 2,1-13. Teny milaza ny amin'ny Fanahy Masina izay nampanantenain'i Jesosy homena izay mino Azy. Tena fahasoavana lehibe tokoa izao satria hatreto dia olona vitsy no nitoeran'izany Fanahy Masina izany. Ankehitriny anefa dia mahazo ny Fanahy Masina izay rehetra mino sy manaiky an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamaonjy Azy. Ny

▶▶ PEJY 3

Teny fiainana...

"Fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan'ny tena, dia ho velona ianareo. Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra."

Rom 8:12-13

LE SAINT ESPRIT

Le Nouveau Testament nous introduit à la personne du Saint-Esprit et l'associe aux actions réversées typiquement à la divinité. Sans le Saint-Esprit, il n'y aurait pas d'église. L'église commence à la Pentecôte, quand le Saint-Esprit descend sur les 120 disciples qui se réunissaient pour la prière.

Ce qui retient l'attention à prime abord c'est la sainteté; nous avons affaire ici au SAINT-Esprit.
L'Esprit est saint, mis à part par Dieu pour une oeuvre magistrale sur terre : rendre les hommes graduellement à l'image de Jésus qui est lui-même l'image du Dieu invisible.

2Co.3:16 *lorsque les coeurs se convertissent au Seigneur, le voile est ôté. 17 Or, le Seigneur c'est l'Esprit; et là où est l'Esprit du Seigneur, là est la liberté. 18 Nous tous qui, le visage découvert, contemplons comme dans un miroir la gloire du Seigneur, nous sommes transformés en la même image, de gloire en gloire, comme par le Seigneur, l'Esprit.*

Voilà donc son oeuvre principale, la sanctification. Ainsi sera accompli le commandement:
«Vous serez saints car Je suis saint» 1Pi.1:15-16

Cette sainteté est nécessaire car sans elle, nous ne pourrons voir Dieu. C'est par la foi en Jésus-Christ et la sanctification de l'Esprit que nous sommes sauvés.
Hé.12:14 *Recherchez la paix avec tous, et la sanctification, sans laquelle personne ne verra le Seigneur.*

2Th.2:13 *Dieu vous a choisis dès le commencement pour le salut, par la sanctification de l'Esprit et par la foi en la vérité.*
Le Saint-Esprit vient produire dans le croyant qui l'invite à le remplir, cf. Ep.5:18 (lire un message à ce propos), toutes les qualités inerrantes à la nature divine, à commencer par la sainteté. Si vous n'êtes pas motivés à marcher dans la sainteté, vous n'êtes pas remplis du Saint-Esprit. La sainteté n'est pas de présenter une mine austère, elle est au contraire aimable, joyeuse, paisible, patiente...

Ep.5:18 *Ne vous enivrez pas de vin: c'est de la débauche. Soyez, au contraire, remplis de l'Esprit*
Ga.5:22 *Mais le fruit de l'Esprit, c'est l'amour, la joie, la paix, la patience, la bonté, la bénignité, la fidélité, la douceur, la tempérance*
2Pi.1:3 *Comme sa divine puissance nous a donné tout ce qui contribue à la vie et à la piété, au moyen de la connaissance de celui qui nous a appelés par sa propre gloire et par sa vertu, 4 lesquelles nous assurent de sa part les plus grandes et les plus précieuses promesses, afin que par elles vous deveniez participants de la nature divine, en fuyant la corruption qui existe dans le monde par la convoitise, 5 à cause de cela même, faites tous vos efforts pour joindre à votre foi la vertu, à la vertu la science, 6 à la science la tempérance, à la tempérance la patience, à la patience la piété, 7 à la piété l'amour fraternel, à l'amour fraternel la charité. 8 Car si ces choses sont en vous, et y sont avec abondance, elles ne vous laisseront point oisifs ni stériles pour la connaissance de notre Seigneur Jésus-Christ.*

Alors donc,
- nous sommes appelés à se laisser remplir du Saint-Esprit
- pour ensuite mettre tous nos efforts décuplés par la puissance du Saint-Esprit en nous
- afin de faire fructifier les vertus qui nous permettront de connaître de plus en plus intimement le coeur de Jésus-Christ
- et nous rendre semblables à Lui qui est à l'image de son Père.

Ainsi, nous pourrons être en route vers la perfection comme notre Père céleste.
N'est-ce pas que cela stimule en nous d'en être remplis, [illegible]erveilleux Saint-Esprit?

HAFATRA PASTORALY PENTEKOSTRA 2010

Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina !
«Fa raha tonga ny Fanahin'ny Fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo.»(Jaona 16, 13-14)
Misaotra an'Andriamanitra isika fa tanteraka soa amantsara ireo Fivoriambe nasionaly natao tamin'izao tapataona voalohany izao : Ny Fihaonamben'ny Sampana Skotisma tany Lyon, ny Choralie faha-11 sy faha-20 taonan'ny AMF tany Nancy. Na toa tsaroana ho navesatra ara-enti-manana ho an'ny tafo aza ireo fivoriana nifanesisesy, dia mampiseho fa velona ny Fiangonantsika. Arahabaina ireo Sampana iraisana ireo samy nahavita ny Fihaonambeny. Irariana mba hahavita soa aman-tsara ihany koa ireo mbola mikasa hanao ny Fihaonambeny amin'ity taona ity (Sampana Fifohazana ho any Besançon amin'ny volana Jolay, ny Sampana Vehivavy Kristiana ho any Montpellier amin'ny volana Oktobra, ny Lasy lehibe hataon'ny Sampana Tily amin'ny volana Jolay sy Aogostra), ary ny Fihaonana arahim-piofanana hataon'ny Filohan'ny tafo rehetra sy ny Tompon'andraikitra ara-bola rehetra ato amin'ny FPMA, hatao eto Paris amin'ny 5 jona 2010 ho avy izao.
Mampiomana sy mangataka antsika rehetra hitondra amam-bavaka ireo Zaikabem-paritany samihafa, ny Fivoriamben'ny Alliance Réformée Mondiale (ARM/WARC) hatao any GrandRapids any Etazonia amin'ny volana Jona, ny Fihaonamben'ny Fédérétion Luthérienne Mondiale (FLM/LWF) hatao any Stuttgart any Allemagne amin'ny volana Jolay, ny Synoda Lehibe faha-34 antsika FPMA hatao eto amin'nylle-de-France amin'ny volana Novambra.
Mbola manamafy hatrany ny fanentanana ny Tafo rehetra sy ireo Sampana Iraisana amin'ny fanefana ara-potoana ny Adidy Iombonana aty amin'ny Foibe. Tena mariky ny fiombonana sy firaisana aina ato amintsika FPMA izany
Mbola marina sy mihatra amintsika mandrakariva ny toky sy fampanantenana lazain'ny Tompontsika Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana, ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1, 8, manao hoe : « Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ka ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.».
Mirary Pentekosta finaritra eo ambany fahasoavan'Andriamanitra ho anareo rehetra izahay, ary mitsodrano anareo amin'ny anaran'Ilay Tia antsika sady Lohan'ny Fiangonantsika :
« Ilay Andriamanitra loharanon'ny fanantenana anie hameno fifaliana sy fiadanana tanteraka anareo noho ny finoanareo, mba hampitomboana be dia be ao aminareo ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina! »(Efesiana 15, 13)

NY MPITANDRINA DR JEAN A. RAVALITERA
FILOHA SYNODALY, FILOHAN'NY FPMA

NY FANAHIN'ANDRIAMANITRA MAMONO NY ASAN'NY NOFO

manaitra amin'ny filazan'i Paoly mikasika ny Fanahy eto dia ireo anarana entiny milaza Azy, ny ataony eo amin'ny fiainan'izay itoerany na koa izay ahafantarana ny fanahy tsy izy.

NY ENTIN'I PAOLY MILAZA NY FANAHY MASINA

-Fanahin'Andriamanitra ny Fanahy Masina.

Raha ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo dia tsy hanjaka ao aminareo intsony ny asan'ny nofo. *Mazava eto ny ataon'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainan'izay itoerany: Mamono ny asan'ny nofo.*

Inona izany lazaina hoe asan'ny nofo izany?

Ny firehana mandeha ho azy ao anatin'ny olona noho ny vokatry ny fisarahana amin'Andriamanitra. Lasa mirona amin'ny ratsy mandrakariva ny fon'ny olona satria simban'ny fahotana.

Noho izany io asan'ny nofo io no manimba ny fiaraha-miainan'ny zanak'olombelona eo amin'ny lafim-piainana rehetra. Na eo amin'ny fifandraisan'ny mpivady izany na eo amin'ny mpianakavy, na eo amin'ny fiaraha-monina tsotra izao na eo amin'ny fiainam-pirenena.

Asan'ny nofo no mahatonga ny olona ho tia tena, ho mpiavonavona, ho tsy te hihavana na hamela heloka ny hafa. Asan'ny nofo no mahatonga ny olona ho tia valifaty sy ho feno fitsarana ny hafa ao anatin'ny fony.

Mazava ho azy amin'izany fa tsy misy fiaraha-monina vanona eo amin'izay anjakan'ny asan'ny nofo.

Maro no milaza fa manana ny Fanahin'Andriamanitra nefa mbola manjaka ao anatin'ny fony ny avonavona, ny fankahalana , ny adilahy sy ny fisarahana.

Izany no maha fahasoavana lehibe ny nanomezan'Andriamanitra ny Fanahy Masina satria mamono ny asan'ny nofo Izy.

-Fanahin'I Kristy ny Fanahy Masina.

Izany koa no ilazan'i Paoly ny Fanahy Masina eto. Fa raha misy tsy manana ny Fanahin'i Kristy dia tsy Azy izy.

Misy lafiny roa no andraisana an'izany filazan'i Paoly izany.

Ny voalohany ny anavahan'Andriamanitra izay olona Azy sy izay tsy Azy dia ny fananany na tsia io Fanahin'i Kristy io.

Ny lafiny faharoa dia izao: Satria mitovy ihany ny atao hoe Fanahin'Andriamanitra, Fanahin'i kristy ary ny Fanahy Masina, noho izany ny ahafantarantsika izany Fanahy Masina izany dia ny fiainan'i Jesosy, ny toe-tsainy, ny asa nataony. Fiainana manafaka, fiainana feno fitiavana ary mitady ny soa ho antsika ka na ny ainy aza natolony mba hanafaka antsika amin'ny asan'ny nofo.
Noho izany koa izay iasan'ny Fanahy masina dia izarany izany toe-tsaina sy toe-panahy tao amin'I Jesosy izany.

TSY MBA FANAHIM-PAHAN-DEVOZANA MAMPITAHOTRA NY FANAHY MASINA.

Tsy mahagaga raha nataon'i Paoly hoe tsy mba fanahim-pahandevozana mampatahotra ny Fanahy Masina.

Inona no antony anaovan'i Paoly izany fanazavana izany?

Satria maro ny milaza ny tenany fa manana ny Fanahy avy amin'Andriamanitra kanefa manandevo sy mampatahotra ary mamono no ataon'ireny fanahy ireny.

Hita amin'ny fivavahana maro, na ny fomban-tany maro ny finoana fanahy isan-karazany. Heveriny fa miasa eo amin'ny fiainany ireny ka dia tompoiny sy omeny voninahitra. *Ireny fanahy ireny anefa dia tsy mahay mamono ny asan'ny nofo fa toa vao maika mampirehitra azy satria tsy Fanahin'Andriamanitra na Fanahin'I Kristy fa fanahy ratsy mamitaka ny olona.* Maka tahaka fotsiny izay zavatra sasany ataon' Andriamanitra. Tsaroana etoana ohatra ireo ombiasin'I Farao. Rehefa tonga teo anatrehan'i Farao Mosesy dia nanipy ny tehiny ka niova ho bibilava. Mba nanao toy izany koa ireto ombiasin'i Farao ka dia natelin'ny an'i Mosesy ny bibin'izy ireo.

Noho izany ry havana, anjarantsika ny mamantatra ny fanahy izay miasa ao anatintsika. Fanahy mamono ny asan'ny nofo ve no ao anatinao sa fanahy mampirehitra izy. Omen'Andriamanitra anao maimaim-poana ny Fanahin'I Jesosy Kristy raha manaiky Azy ho Tompo sy Mpamonjy anao ao am-ponao ianao.

Meteza ry havana hanetry tena eo ambany tana-maherin'Andriamanitra ka ambarao aminy fa simban'ny asan'ny nofo ny lafiny maro eo amin'ny fiainanao ka mangataka ny Fanahy Masina ianao mba hamono izany.

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

FANOKANANA MPANDRAY FANASAN'NY TOMPO

Ireo efa-polo mianadahy noraisina ho isan'ny mpandray ny Fanasan'ny Tompo androany alahady Pentekosta 23 mey 2010

1. Ratrimoarison Faravololona
2. Andriamanjato Cedric
3. Randriamanantena Antsa Julien
4. Andriambahoaka Harena
5. Andrianarison Ornella
6. Andriatasy Rotsoina
7. Andriet Vero
8. Cyrille Judith
9. Cyrille Nathalie
10. Le Merdi Maryse
11. Rabeson Nathalie
12. Raherison Haingotiana
13. Rajaonarison Riantsoa Kiara
14. Rakotoarisoa Stephanie
15. Rakotomalala Manoela Ravo
16. Rakotondrasoa Rudy Heather Karen
17. Ramasy Freduxette Razafiharivonirina
18. Rambeloson Zoliniaina Soarinelina
19. Randriambololona Stephanie
20. Rasoamahenina Laureen
21. Rasolondraibe Eonika
22. Ratovohery Stephie
23. Ratsimisetra Printsia
24. Razakalambo Vololona Nirina
25. Charles Emile Ambinintsoa Fortunat
26. Raherison Njaratiana
27. Rajaona Jaonarisoa
28. Rajaonary Tojo Nantenaina
29. Rakotoarivelo Johary
30. Rakotoniaina Herizo
31. Ralambozafy Ranaivo Tahina
32. Ralijaona Andry
33. Ralijaona Mamitiana
34. Rampanana Fenosoa Francky
35. Ranaivoarimanana Njaka A.
36. Randriamihajamanana Rina Solofiniaina
37. Ratsimisetra Hery
38. Razafindralambo Rasamoela
39. Romuald Gioavanni
40. Vincent Mathieu Andrianavalona N.

CHORALIE FAHA 11 TANY NANCY

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia tanteraka soa aman-tsara ny Choralie faha-11 natao tany Nancy tamin'ny 13 ka hatramin'ny 16 May lasa teo. Nifanindry tamin'io koa ny fankalazana ny Jobily faha-20 taonan'ny AMF, na ny Antoko Mpihiran'ny FPMA.

Ny andro roa voalohany dia natao hamerenana ireo hira iraisana, ho fiderana sy fankalazana an'Andriamanitra Tompon'ny asa.

Antsam-panahy lehibe, natao tao amin'ny Cathédrale-n'i Nancy ny Asabotsy no ivon'ny lasy.

Raha ny Choralie no itarafana ny fiainan'ny Fiangonana, dia velona sy miroborobo ny FPMA. Tsy mitsaha-mitombo ny mpanatrika ny Choralie ; tany Nancy, ny mpihira fotsiny dia nahatratra 497, vehivavy 295 ary lehilahy 202. Fa ankoatry ny isa, dia hita soritra tokoa ny hafanam-panahy sy ny zotom-pon'ny tsirairay : ny avy any La Réunion ohatra dia nisy 16 mianadahy izy ireo no tonga tany.

Tsapan'ny mpizaika ny fitiavan'Andriamanitra mitantana mandrakariva ny AMF, koa izany no nifidianany ny Teny nataon'i Jehovah tamin'I Abrahama ho Fanevan'ny Choralie manaraka hoe :" Hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao Aho, ary ho fitahiana tokoa hianao". (Genesisy 12, and. 2).

Amin'ny 17 ka hatramin'ny 20 May 2012 ny Choralie manaraka, ka isika FPMA Paris no handray izany.

Ho an'Andriamanitra Irery ihany anie ny voninahitra.

BATISA

"Izay mino sy atao batisa no hovonjena" Mar 16 : 16a

Naël Miandra zanak'i Andriantsihoarana Mickael sy Mirana

IREO CELLULES DE PRIERE ISAM-PARITRA

ISAKY NY ATALATA

- **THIAIS (94) À 20H**
  Adiresy : 3bis, Rue Buffon
  Tél : 01 48 52 33 38
- **CACHAN (94) À 19H30**
  Adiresy : 15, Avenue de l'Europe
  Tél : 01 47 40 94 97
- **LE PERREUX SUR MARNE (94) À 19H**
  Adiresy : 44, Rue du Maréchal Joffre
  Tél : 01 72 46 29 33
- **HERBLAY (95) À 20H**
  Adiresy : 50, allée des Bournouviers
  Tél : 01 39 31 45 56
- **ROMAINVILLE (93) À 20H15**
  Adiresy : 10, allée Georges Méliès
  Tel: 01 49 91 09 55
- **AULNAY SOUS BOIS (93) À 20H**
  Adiresy : Rue du Prefet Chaleil
  Tél : 01 48 69 96 02
- **VILLENOY (77) À 20H**
  Adiresy : 2, Rue du Château d'eau
  Tél : 01.60.24.34.61

ISAKY NY ALAROBIA

- **SAINT DENIS (93) À 17H30**
  Adiresy : 14, Rue des Chaumettes
  Tél : 01.48.22.91.68
- **PARIS 15ÈME À 20H30**
  Adiresy : 34, rue du Colonel Pierre Avia
  Tél : 01.40.60.94.11